# Toriteny – Sabata manokana – Fahafahana ara-pivavahana

Nosoratan'I Pasitora RAVELONARIVO Fenosoa Harifetra
Filohan'ny Federasiona Madagasikara Atsinanana sy
Talen'ny Departemantan'ny Fahafahana ara-Pivavahana

## "NY TAONA VAOVAO SY NY FAHAFAHANA ARA-PIVAVAHANA"

Ahoana no hiatrehantsika ny fahafahana ara-pivavahana, inona ny vokatra entiny ?
Inona no nataon'Andriamanitra amin'ny taona vaovao ?
Andriamanitra no manao ny drafitra hananantsika olombelona fahafahana ara-pivavahana ary maneho ny vokatr'izany rehefa iainana amim-pahatokiana.

Genesisy 8 : 13 – 20

### I- ANDRIAMANITRA MANDRITRA NY SAFO-DRANO

"*Ary tamin'ny andro voalohany tamin'ny volana voalohany tamin'ny taona fahiraika amby enin-jato, dia ritra ny rano teo ambonin'ny tany; ary nanaisotra ny tafon'ny sambo fiara Noa ka nijery, ary indro efa maina ny tany.*"

Mamaritra ny baiboly fa taona vaovao no nandritràn'Andriamanitra ny safo-drano, andro voalohany amin'ny volana voalohany.

Tsy zavatra kisendrasendra na kitoatoa rehefa manao zavatra Andriamanitra. Mirindra ary tsara firafitra no nanamboarany izao tontolo izao, ary misy planina maty paika avokoa fa tsy mandeha ho azy. Inona moa no zavatra mety hitranga raha manatona ny tany iray santimetatra fotsiny ny masoandro? Tsy azo niainana teto amin'ity planeta tany misy antsika ity fa may avokoa ny zavatra rehetra hoy ny mpandinika, Na ny mifanohitra amin'izany, izany hoe miampy iray santimetatra ny elanelana misy amin'ny tany sy ny masoandro? Hatsiaka tsy azo niainana no teto. Na ny hafanana na ny hatsiaka dia efa vitan'Andriamanitra kajy mialoha. Misy antony matoa nosoratan'Andriamanitra ato amin'ny teniny hoe : "Taona vaovao no nandritràny ny safo-drano"

Raiso amim-pinoana fa afaka handritra izay safo-drano eo amin'ny fiainanao tamin'ny lasa Izy amin'izao taona vaovao izao. Azontsika itokiana izany teniny izany. Mety amin'ny endriny maro samihafa mantsy ny safo-drano, fa raha tenenina amin'ny teny hafa dia izao : olana saro-bahana izany. Fa azon'Andriamanitra ritina izany raha matoky azy isika.

### II- MANAISOTRA NY TAFON'NY SAMBO FIARA I NOA

Nanaisotra ny tafon'ny sambo fiara I Noa. Ny mahagaga anefa dia ity : fa misy varavarankely io sambo fiara io. Genesisy 8 : 6 *"Ary rehefa afaka efa-polo andro dia novohan'I Noa ny varavarankelin'ny sambo fiara izay efa nataony."* Andriamanitra dia miresaka sy manoro hevitra mandrakariva amin'ny mpaminany. Ary i Noa eto no fitaovana nampiasainy nifampiresahana tamin'izany fotoana izany. Ary baiko avy tamin'Andriamanitra izao tari-dalàna izany koa dia nanaisotra ny tafon'ny sambo fiara I Noa. Ary rehefa nijery tany ivelany izy dia indro fa maina ny tany. Nomen'Andriamanitra toky anefa I Noa teto fa afaka manaisotra ny tafo izy. Izany hoe nisy varavarankely ny sambo fiara, kanefa tamin'io taona vaovao io dia tsy teo amin'ny varavarankely I Noa no nobaikoina hijery fa nasaina nanaisotra ny tafo. Andriamanitra dia manao ny asany, mandritra ny safo-drano amin'ny taona vaovao fa ny anjarantsika kosa ny manaisotra ny tafo. Tsy maintsy miakatra ambony isika izay vao afaka manaisotra ny tafo. Inona moa ireo tafo ireo, zay manakona ny masom-panahintsika ka tsy hahitantsika ny lanitra? Tsy hahita ny lanitra na oviana na oviana isika raha mbola misy tafo eo ambonintsika. Eny na te

hanakatra ny lanitra aza isika ka mbola misy tafo eo ambonintsika dia ho voasakana tsy hahita ny lanitra isika. Galatiana 5 : 19 – 21

“Fa miharihary ny asan’ny nofo, dia izao : Fijangajangana, fahalotoana, fijejojejoana, fanompoan-tsampy, fanaovana ody ratsy, fandrafiana, fifandirana, adi-lahy, fiafonafonana, fifampiandaniana, fisarahana, fitokoana, fialonana, fahamamoana, filalaovan-dratsy, ary toy izany, izay lazaiko aminareo rahateo, tahaka ny voalazako fahiny koa, fa izay manao izany dia tsy handova ny fanjakan’Andriamanitra.”

Raha toa isika ka vonona amin’ity taona vaovao ity dia azontsika esorina ireo tafon’ny fiainantsika izay manakana antsika tsy hahita ny lanitra. Mety tsy ho izay voatanisan’ny Galatiana 5 teo no mangeja ahy sy ianao, mety ny iray na roa amin’ireo, kanefa izao : Raha miakatra amin’ny ambonimbony kokoa isika manomboka androany dia afaka hanaisotra ny tafo. Ny hoe miakatra amin’ny ambonimbony kokoa dia izao: ‘ndao hampitomboina ny fahatokiana an’Andrimanitra sy ny fifandraisana Aminy amin’ny alalan’ny vavaka ataon’ny tena manokana sy ny famonjena fiaraha-mivavaka amin’ny fiangonana, amin’ny alalan’ny famakiana ny tenin’Andrimanitra sy ny fanahin’ny faminaniana. Rehefa miakatra ambonimbony kokoa amin’izany isika dia omen’Andriamanitra hery amin’ny alalan’ny fifandraisana Aminy ka afaka hanaisotra ireo tafon’ny fiainantsika ombàn’ny herin’Andriamanitra.

Genesisy 8 : 14 “Ary tamin’ny andro fahafito amby roa-polo tamin’ny volana faharoa, dia maina ny tany.” Genesisy 8 : 13 dia voalaza fa maina ny tany tamin’ny andro voalohany amin’ny volana voalohany,
Andininy 14, Maina ny tany tamin’ny andro fahafito amby roa-polo, volana faharoa. Mampametra-panontaniana : Oviana no tena maina ny tany, Andro voalohany tamin’ny taona vaovao sa fahafito amby roa-polo tamin’ny volana faharoa?

Andininy 15 : “Ary Andrimanitra niteny tamin’I Noa ka nanao hoe : Mivoaha amin’ny sambo fiara hianao sy ny vadinao aman-janakao ary ny vinantonao vavy miaraka aminao.” Afaka nivoaka ny sambo fiara I Noa mianakavy sy ny biby rehetra tamin’ny fahafito amby roa-polo andro izay vao maina tanteraka ny tany. Inona anefa no nahatonga an’I Noa rehefa nijery tamin’ny varavarankely ka nahita fa maina ny tany? Nampiasa ny mason’ny finoana I Noa, ary izay no nanabeazan’Andriamanitra azy. Finoana no nanatanterahany ilay sambo fiara. Tsy mitombona ny hoe avy ny orana tamin’ny alina ka maina sahady rehefa avy ny maraina fa mbola mamotaka vokatry ny rano betsaka tamin’ny safo-drano. Rehefa nijery anefa I Noa dia ny finoana no nentiny nijery ka nojereny toa ny maina sahady. Mety efa nataon’Andriamanitra ritra ny safo-dranon’ny fiainana nefa mbola misy fotaka mampatahotra eo anoloana. Fa izao, hahirato ny mason’ny finoanao ka jereo fa tsy maintsy hahamaina izany Andrimanitra. Jereo amin’ny mason’ny finoana ny hoavinao fa na toa misy fotaka ireo olana toa mananontanona mampatahotra aza fa nohon’ny fahatokianao an’Andriamanitra dia hiditra an-tsehatra Izy hahamaina izany. Jereo toy ny hoe efa mivaha sahady ny olana, araka izay voalazan’ny teny fikasana hoe : *“Rehefa mangataka zavatra Aminy amin’ny finoana dia ataovy fa efa nahazo sahady.”*

## III- ANDRIAMANITRA MANOME FAHAFAHANA ARA-PIVAVAHANA

Genesisy 8 : 18 *“Dia nivoaka I Noa mbamin’ny vadiny aman-janany ary ny vinantony niaraka taminy; 19 Ny zava-manan-aina rehetra sy ny biby rehetra izay mandady na mikisaka ary ny vorona rehetra mbamin’izay rehetra mihetsika eny ambonin’ny tany dia samy nivoaka avy tao amin’ny sambo-fiara araka ny karazany. 20 Ary Noa dia nanorina alitara ho an’I Jehovah; ary ny biby madio rehetra sy ny vorona madio rehetra dia nanalany ka nataony fanatitra odorana teo ambonin’ny alitara.*

Lesona mahakasika ny fahafahana ara-pivavahana no hitansika eto : rehefa miaina amim-pahatokiana an’Andriamanitra isika.

Simba ny zavatra rehetra rehefa nivoaka ny sambo fiara I Noa. Tsy nanana lay na trano izy ireo. Fa ny zavatra nataony voalohany dia ny nanangana alitara ho an’I Jehovah. Ary izany indrindra no antony namoahana an’I Noa tamin’io fotoana io, mba hahazoany, izy sy ny ankohonany mivavaka, manompo Azy amin’ny alalan’ny fomba amam-panao nitarihana an’ireo patriarika sy ireo mpaminany tamin’izany fotoana izany. Ny raim-pianankaviana no manao fisoronana tamin’izany andro izany. Tsy voalaza tao amin’ny tantara hoe nanao alitara tao anaty sambo-fiara izy ireo. Azo heverina hoe, tsy nanana fahafahana ara-pivavahana izy ireo tao anaty sambo

fiara. Tsy hoe akory tsy nivavaka tamin'Andriamanitra izy, fa tsy feno izany fahafahany manao izany. Tsy nanana fahafahana nanorina alitara izy, fa navoakan'Andriamanitra tao izy ireo rehefa maina ny tany mba hiaina ny fahafahana ara-pivavahana. Ary hitantsika fa niainan'I Noa tamim-pahatokiana ny fahafahana ara-pivavahana.

Rehefa nanorina alitara izy dia izao no niseho : "Nanalan'I Noa ny biby madio rehetra sy ny vorona madio rehetra natao fanatitra ho an'I Jehovah". Alao sary antsaina ny hoe, tsy manana afa tsy omby fito sisa ianao, ondry fito, vorona madio fito. Mampatahotra izany hoe ireo zavatra vitsy ireo dia mbola hanalana hatao fanatitra indray ho an'I Jehovah. Sao ho lany taranaka ka tsy hisy intsony. Ary tamin'izany dia tsy indray mandeha fa isan'andro no manao fanatitra biby madio. Kanefa tazantsika ankehitriny fa tsy lany taranaka ny biby madio. Vao maika aza mihamaro sy mihabetsaka. Niainga tamin'ny anankifito rehefa niainan'I Noa tamim-pahatokiana ny fahafahana ara-pivavahana dia manome vokatra tsy takatry ny saina Andriamanitra. Mbola mandrotsaka ny fitahiana hatrany Andriamanitra mandrak'ankehitriny. Raha hiainan'ity firenentsika ity ny fahafahana ara-pivavahana hoe, samy hanompo an'Andriamanitra amim-pinoana sy amim-pahatokiana avy, hanaraka ny tari-dàlana izay nomeny ny tsirairay avy, fa tsy izay sitraky ny fontsika dia Izy mihitsy no hitahy ny firenentsika ka ny fito ho tonga betsaka raha atolontsika an'Andriamanitra izay tokony ho Azy. Na ny fotoana na hery sy tanjaka na ny vola aman-karena ananantsika ka hanalantsika ho Azy. Vonona hatrany hanome antsika ny fanambinany Izy.

Eto am-pamaranana dia tiako ny hampahatsiahy anao ny tantaran'ireo efa-dahy sy ilay namany tsy salama izay voasoratra ao amin'ny bokin' I Marka 2, izay nentiny teo amin'I Kristy.

Nanana faniriana lalina ny hitondra an'ity namany ho eo amin'I Kristy ireto efa-dahy ireto. Nohon'ny habetsahan'ny vahoaka anefa dia tsy nahita hirika hidirana teo amin'ny varavarana izy ireo. Nanana olana izy ireo izay nanakana azy tsy ho eo amin'ny Kristy Ilay Loharanon'ny fahasalamana, Loharanon'ny vahaolana. Ny hevitra hitany dia izao : nanaisotra ny tafo tahaka an'I Noa ihany koa, ary afaka nakeo amin'I Kristy izy ireo. Ny vokatry ny fanesorany ny tafo nanasaraka azy tamin'ny fahitana an'I Kristy dia sitrana ny namany.

Ho sitrana izaho sy ianao, ho sitrana ny firenentsika raha vonona isika rehetra hiakatra amin'ny ambony ary hanaisotra ny tafo amin'izao taona vaovao izao ka hifandray ety dia ety amin'Andriamanitra. Ka hiaina ny fahafahana ara-pivavahana ao anatin'ny fahatokiana Azy tanteraka. Tsy amin'ny alalan'izay tiantsika fa izay sitrak'Andriamanitra, tahaka an'I Noa nihaino ny toro-hevitra avy amin'Andriamanitra ary nankato sy nanatanteraka izany amin'ny finoana.
Ilaintsika ny mihaino ny tenin'Andriamanitra isan'andro isan'andro. N'aiza n'aiza fiangonana mety andehanantsika, n'inona n'inona asantsika, ny hirariako dia izao hanao filamatra isika amin'izao taona vaovao izao, Hihaino an'Andriamanitra amin'ny teniny, hamaky baiboly ary hitady sy hikatsaka ireo torolalana nomen'I Kristy mahakasika ny hatao hoe fivavahana marina sy ny fahafahana ara-pivavahana. Hotoavin'Andriamanitra amintsika ny fiainana mandrakizay.

Ho tanteraka amintsika anie ny tenin'Andriamanitra.

Amen !!!!!!